Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# FIARAHA-MIVAVAKA ZOMA 5 JONA 2020

**Pasteur Seth RASOLONDRAIBE**

## ALAROBIA 3 JONA 2020

**Lohahevitra: IREO FANOHARANA ATAON'I JESOSY**

"ILAY SAMARITANA TSARA FANAHY".

(LUC 10.25-37)

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

**HIRA** "Andriamanitra fitiavana ianao" (Ndrina Ramamonjy)

Vavaka

**Teny fampidirana ny texte du jour == >>**

**HIRA 312.1-2-3**

**Vakiteny 1 LUC 10.25-28**

25Ary, indro, nisy mpahay lalàna anankiray nitsangana ka naka fanahy an'i Jesosy hoe: Mpampianatra ô, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay? 26Ary hoy Izy taminy: **Inona** no voasoratra ao amin'ny lalàna? **Manao ahoana** no famakinao azy? 27Ary izy namaly ka nanao hoe: Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny herinao rehetra ary ny sainao rehetra (Deo. 6. 5); ary, Tiava ny namanao tahaka ny tenanao (Lev. 19. 18). 28Ary hoy Jesosy taminy: Marina ny navalinao; ataovy izany, dia ho velona ianao.

**Fanazavana Fohy**

**HIRA** 530.1-2-3

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

**VAVAKA MPITANDINA.....**

**VAKITENY 2. LUC 10.29-30**

29Fa izy ta-hanamarina ny tenany ka nanao tamin'i Jesosy hoe**: Iza ary no namako?** 30Ary Jesosy namaly ka nanao hoe: Nisy lehilahy anankiray nidina avy tany Jerosalema hankany Jeriko ka azon'ny jiolahy, dia nendahany ny lambany, sady nokapohiny izy, dia nilaozany, rehefa saiky maty.

***Fanazavana fohy***

**HIRA 310.1-2-3**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

**VAVAKA MPITANDRINA......**

## VAKITENY 3. LUC 10.31-35

31Ary sendra nisy mpisorona anankiray nidina tamin'izany lalana izany; ary raha nahita an-dralehilahy izy, dia nandalo azy. 32Ary toy izany koa ny Levita anankiray, izay tonga teo, dia nahita azy, nefa nandalo koa. 33Fa nisy kosa Samaritana anankiray nandeha tamin'ny nalehany ka tonga teo aminy, ary nony nahita azy, dia **onena**.34Dia nanatona izy, ka nofeheziny ny feriny, sady nasiany diloilo sy divay; dia nampitaingeniny tamin'ny bibiny izy, ka nentiny ho any amin'ny tranom-bahiny, dia notsaboiny. 35Ary nony ampitson'iny, dia naka denaria roa izy, ka nomeny ny tompon'ny tranom-bahiny, sady nanao taminy hoe: Tsaboy izy; ary na hoatrinona na hoatrinona no laninao mihoatra noho ireto dia honerako, rehefa miverina aho.

***Fanazavana fohy***

**Hira 741.1-3**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

**VAVAKA MPITANDINA**

## VAKITENY 4. LUC 10.36-37

36Iza moa amin'izy telo lahy no ataonao ho naman'ilay azon'ny jiolahy? 37Ary hoy izy: Ilay niantra azy. Dia hoy Jesosy taminy: Mandehana ianao, ka mba manaova toy izany koa.

**Fanazavana Fohy:**

**HIRA 1-2**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

**VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO**

**Teny FANDRAVONANA**

## IKor 13.13

13Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo.

**HIRA 313.3**

**TSO-DRANO**